# Ilay Voa Tsara Nafafy 18 Jolay 2018

**18** **Alarobia**
jolay

**Nahoana no mitanondrika ianao, ry fanahiko, ka mitoloko ato anatiko ? Manantenà an'Andriamanitra ianao.** Salamo 42. 5

**Fa izao no lazain'i Jehovah : ... Tahaka ny olona ampiononin-dreniny no hampiononako anareo.**
Isaia 66. 12-14

**Fahakiviana**

Tsy nety nahita fiononana i Saholy, izay fanindroany izao no maty vady. Tsy hitany mihitsy izay antony tokony mbola hahavelomany. Indray andro dia nentiny tamin'ny fiara ho any amin'ny toeram-pitsangantsanganana ny zafikeliny. Rehefa avy nametraka ilay ankizy teo amin'ny sezakeliny izy, dia nipetraka teo amin'ny familiana, nefa tsy nametraka ny fehikibo fiarovana. Niteny mafy ilay zazalahy kely hoe : — Tsy mipetraka ny fehikibonao, ry bebe ! Dia hoy izy namaly, sady nalahelo : — Tsy misy dikany ny fiarovana ny aiko, ry Lioka a ! Aleoko mandeha any an-danitra, any amin'i dadabe.

Tezitra mafy ilaikely, izay dimy taona, ka niantsoantso hoe : — Dia havelanao ho irery izany aho !

Tampoka teo dia tsapan'i Saholy fa hay misy dikany ny fiainany. Tamin'ny alalan'io zaza io Andriamanitra no nanome azy antom-pahavelomana vaovao, nanome antony ilàna azy, naneho taminy ny adidy hotanterahiny ho an'Andriamanitra.

Elia mpaminany koa dia naniry ny ho faty, satria tsy namokatra araka izay nantenainy ny asa nanirahana azy teo amin'ny vahoakan'Andriamanitra (1 Mpanjaka 19). Koa nasehon'Adriamanitra azy fa mbola manana asa ampanaovina azy Izy, satria araka ny fahasoavany dia heveriny ho mbola misy antenaina ny toejavatra eo amin'ny firenena. Ka noho izany ilay mpaminany dia mbola nanana antony mitombina tokony hahavelomany.

Aoka isika tsy ho azon'ny hakiviana, na oviana na oviana ! Manana fikasana ho antsika mandrakariva Andriamanitra, raha mbola apetrany eto an-tany ihany koa isika. Aoka hangatahintsika Izy mba hampahiratra ny masontsika, raha tsy hitantsika intsony izay tiany ho antsika. Dia hiova ho fahatokiana indray ilay fahakiviana. Homba antsika isanandro ny fahasoavana sy fitiavan'Ilay Raintsika any an-danitra.